# Ilay Voa Tsara Nafafy 31Desambra 2019

# 31 **Talata** desambra

**Jehovah ô, mipaka amin'ny lanitra ny famindram-ponao ; mihatra amin'ny rahona ny fahamarinanao.** Salamo 36. 5

**Fantatro Izay inoako, ary matoky aho fa Izy dia mahatahiry ilay zavatra natolotro Azy.**
2 Timoty 1. 12

**Ny tsy fiovaovanao**

*Eny, ny tsy fiovaovanao, ry Andriamanitra Rainay,*
*Dia tsy misy aloka na fivadihana mihitsy,*
*Tsy miova Ianao, Ianao no antenain'ny olonao,*
*Miantra ny zanakao rehetra Ianao.*

*Ny kintana eny amin'ny lanitra, sy ny asanao*
*Eny rehetra eny etỳ an-tany, dia miara-mihira*
*Ny zava-miafina lehibe momba ny fahefanao,*
*Manambara ny fahalehibeazanao, ry Andriamanitra Mpahary.*

*Rehefa eo anilanao, ry Tompo, dia be ny fahasoavana,*
*Ny famelan-keloka, ny famonjena, ary ny fiadanana mamy.*
*Fenoinao amin'ny fanomezanao mahatalanjona izahay,*
*Sady androtsahanao zava-tsoa tsy hita isa ny dianay.*

*Ny tsy fiovaovanao, ny hatsaram-ponao midadasika*
*Dia mihavao isanandro isanandro, ho anay.*
*Ny tananao no manome anay izay rehetra ilainay ;*
*Eny, maharitra mandrakizay ny tsy fiovaovanao.*

*R. Demaurex – H. Arnéra*